# Nisy lehilahy iray nanao ozò ka namela toerana mitovy amin'ny hoho teo amin'ny tongony, Nahita azy ny Mpaminany (S.A.W) dia niteny hoe : “Miverena ary manaova fidiovana (ozò) tsara.” Niverina nanao ozò izy avy eo dia nanao soalat

Tatitra azo avy tamin'i Jàbir (R.A) niteny : Niteny tamiko i Omar bin Al-khatwab : Nisy lehilahy iray nanao ozò ka namela toerana mitovy amin'ny hoho teo amin’ny tongony, Nahita azy ny Mpaminany (S.A.W) dia niteny hoe : “Miverena ary manaova fidiovana (ozò) tsara.” Niverina nanao ozò izy avy eo dia nanao soalat.
[Sahih/Authentic.] [Muslim]

Nitatitra i Omar (R.A) fa ny Mpaminany (S.A.W) dia nahita lehilahy iray izay nahavita ozò, ka namela ampahany mitovy amin'ny halehiben'ny hoho eo amin'ny tongony, ka tsy voatondraka rano tamin'ny ozò nataony, Hoy izy taminy, sady nanondro ny toerana nisy ny tsy fitandremana : Miverena ary manaova ozò tsara, fenoy izany, ary omeo rano araka ny tokony ho izy ny rantsana tsirairay. Dia niverina ralehilahy, ka nofenoany tanteraka ny ozò nataony, avy eo dia nivavaka.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee